# MILAZA FE-POTOANA MAMPIASA "until"

Ny “until”; amin’ny teny anglisy; dia teny entina maneho fiafaran’ny fotoana anaovana na isehoan’ny zavatra iray. Raha lazaina amin’ny fomba hafa, dia teny entina mametra fotoana ny izy ary azo adika amin’ny hoe “hatramin’ny” na "mandrapaha-…" amin’ny teny Malagasy.

Examples:

- We play chess until midnight. / Milalao échecs hatramin’ny misasakalina izahay.
- My son chats on Facebook until 2 am in the morning. / Miresaka amin’ny Facebook hatramin’ny 2 maraina ny zanako lahy.
- I have class until noon. / Mianatra aho hatramin’ny mitatao vovonana.
- You have to wait until the end of this month. / Tsy maintsy miandry hatramin’ny faran’ity volana ity ianareo.
- Staff work until June, then they go on holidays. / Miasa hatramin’ny jona ny mpiasa ary mandeha vakansy izy ireo avy eo.
- Do you have to stay here until Friday? / Tsy maintsy mijanona eto ve ianareo hatramin'ny zoma?
- I have learned English until now. / Mianatra teny anglisy foana aho hatramin’izao.

Afaka mialoha ampahana fehezanteny ao anaty fehezanteny lava iray ihany ko any “until”; raha toa ka mialoha anarana sy fotoana no nahitana azy tetsy ambony.

Examples:

- Her baby doesn’t stop crying until she comes. / Tsy mitsahatra mitomany ny zanany mandra-pahatongany.
- Go down this street until you get to the cathedral. / Mandehana amin’ity làlana ity mandrapahatonganao eo amin’ny Katedraly.
- I stay in my office until the taxi arrives. / Mijanona ao amin’ny biraoko aho mandrapahatongan’ny taxi.
- The teacher explains until students understand the lessons. / Manazava ny mpampianatra mandrapahazon’ny mpianatra ny lesona.
- No one can leave until the talk ends. / Tsy misy olona afaka mandeha mandrapahatapitry ny resaka.
- The patients wait outside until the doctor calls them. / Miandry ao ivelany ny marary mandrapiantson’ny dokotera azy ireo.
- Roberto watches TV until he falls asleep. / Mijery tele i Roberto mandrapaharesitoriny.

Amin’ny fiteny mahazatra kokoa, ny “until”, dia afohezina amin’ny “till”; izay endrika ampiasaina amin'ny olona mifankazatra.

- She scrubs the shirt till it’s clean. / Kosehiny ilay lobaka mandrapahadiony.
  We have break till 2 pm. / Maka aina izahay mandrapahatongan’ny amin’ny 2.

**play:** milalao

**chess**: échecs (kilalao)

**son:** zanaka lahy

**chat**: miresaka

**in the morning**: maraina

**have class**: mianatra

**noon**: mitatao vovonana

**have to**: tsy maintsy

**wait**: miandry

**the end**: farany, fiafarany

**month**: volana

**staff**: mpiasa

**go on holiday**: mandeha vakansy

**stay**: mijanona

**here**: eto

**Friday**: zoma

**learned *(v to learn)*:** mianatra

**now**: amin'izao

**baby**: zaza, zanaka

**stop**: mijanona

**cry**: mitomany

**come**: avy, tamy, tonga

**go down**: midina, mizotra

**street**: làlana

**get**: mahazo, tonga

**cathedral**: katedraly

**office**: birao

**arrive**: tonga

**teacher**: mpampianatra

**explain**: manazava

**student**: mpianatra

**understand**: mahazo (fanazavana)

Anglais-Français en Ligne

**lesson**: lesona

**no one**: tsy misy na iray aza

**leave**: miala, mandao

**talk**: resaka

**end**: mifarana

**patient**: ny marary

**outside**: any ivelany

**call**: miantso

**watch**: mijery

**fall asleep**: resi-tory

**scrub**: mikosoka

**shirt**: lobaka

**clean**: madio

**have break**: maka aina

Anglais Français en Ligne